REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

**FIADIDIANA NY FANAVAOZANA NY REPOBLIKA**

**-------------**

**VOLAVOLAN-DALÀNA LAHARANA 017/2026**
**MOMBA NY SATA MIFEHY NY MPITAN-KAONTIM-PANJAKANA**

Nankatoavin'ny Antenimieram-pirenena tamin'ny fivoriany tamin'ny ----------------

**NY FILOHAN'NY FANAVAOZANA NY REPOBLIKA, FILOHAM-PANJAKANA,**

Araka ny Lalàm-panorenana,

Araka ny Fanapahana laharana _______ -HCC/D3 tamin'ny ________________
nataon'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàm-panorenana,

**DIA MAMOAKA NY LALÀNA IZAY TOA IZAO NY ANDININDININY:**

## LOHATENY VOALOHANY

## FEPETRA ANKAPOBENY

### TOKO VOALOHANY : Zava-kendrena sy famaritana

**Andininy voalohany.-** Zava-kendren'ity Lalàna ity
Ny anton'ity Lalàna ity dia ny hametraka ny sata mifehy ny mpitan-kaontim-panjakana.

**Andininy 2.-** Famaritana ireo teny fototra
Araka ny voalazan'ity Lalàna ity, dia antsoina hoe :
- Lamandy noho ny fahadisoana ara-pitantanana (Amende pour faute de gestion) : sazy ara-bola mihatra amin'ny mpitan-kaontim-panjakana, avoakan'ny fitsarana ara-bola na ny Minisitra misahana ny Fitantanam-bola, noho ny fahadisoana arak'asa na fahadisoana ara-pitantanana natao teo am-panatanterahana ny asany, vokatry ny fanadinoana na fanaovan-tsirambina, nefa tsy misy finiavana hanao ratsy amin'ny sampandraharaham-panjakana na hakana tombontsoa manokana, ary tsy niteraka fahavoazana ara-bola ho an'izany sampandraharaham-panjakana izany ;
- Fahaleovan-tena amin'ny asa (Autonomie fonctionnelle) : foto-kevitra ahafahan'ny mpitan-kaontim-panjakana manatanteraka ny iraka nampanaovina azy momba ny fikirakirana ny vola, ny fitanan-kaonty ary ny fanaraha-maso ny lahasan'ny mpanalalana, ao anatin'ny fanajana ny lalàna sy ny fitsipika manan-kery, amim-pahaleovan-tena tanteraka, eo ambany andraikitra miankina amin'ny tenany manokana eo anatrehan'ny Lalàna sy ny mpitsara ny kaonty ;
- Mpitan-kaonty voatendry ara-dalàna (Comptable patent) : izay rehetra mpitan-kaontim-panjakana, araka ny voalazan'ny andininy faha-3 amin'ity lalàna ity ;
- Mpitan-kaonty tsy nahazoana fahefana (Comptable de fait) : izay rehetra olona tsy nahazo alalana mialoha, araka ny ao amin'ny andininy faha-3 amin'ity, anefa miditra amin'ny fitantanana sy fikirakirana ny vola sy sandam-bolam-panjakana na koa vola manokana izay, araka ny lalàna sy fitsipika, dia tokony ho novoriana sy notazonin'ny mpitan-kaonty voatendry ara-dalàna ;
- Mpandray kolikoly (Concussionnaire) : izay rehetra mpitan-kaontim-panjakana manohy ny famorian-ketra na vola izay tsy nahazoana alalana mazava avy amin'ny lalàna ;
- Vola takiana noho ny fahabangan'ny fitantanana (Débet comptable): vola ambaran'ny fitsarana na ny Minisitra fa trosan'ny mpitan-kaonty (voatendry ara-dalàna na tsy nahazoana fahefana) amin'ny Fanjakana, mety ho tamin'ny alalan'ny didim-pitsarana (débet juridictionnel) na tamin'ny alalan'ny Didim-pitondran'ny Minisitra misahana ny Fitantanam-bola (débet administratif), ary raisina ho trosa miankina amin'ny tenany ka azo ampitaina amin'ireo mpandova azy amin'ny fanarahana ireo fepetra voafaritry ny lalàna ankapobeny momba ny fandovàna ;
- Fanodikodinana volam-panjakana (Détournement des deniers publics) : fandikan-dalàna ara-keloka izay anaovan'ny mpitan-kaontim-panjakana fakana ho an'ny tenany na fampiasana amim-piniavana, ho an'ny tombontsoany manokana na ho an'ny zavatra hafa ivelan'ny tombontsoam-bahoaka, ireo vola na sandam-bolam-panjakana nankinina taminy teo am-panatanterahana ny asany ;

- Sakana tsy azo ihoharana (Force majeure) : zava-mitranga tsy nampoizina, tsy azo tohaina ary ivelan'ny sitrapon'ny mpitan-kaontim-panjakana, izay misakana azy hanatanteraka ny adidiny ;
- Fanodinkodinana (Malversation) : zava-misy izay tsy ahafahan'ny mpitan-kaontim-panjakana manavaka ny vola sy sandam-bola tazominy amin'ny maha mpitana kaonty azy sy ireo fananany manokana, na koa asa fampiasana na fampiasam-bola amin'ny anarany manokana, ho an'ny zavatra hafa ivelan'ny raharaham-panjakana, ny ampahany na ny manontolo amin'ny vola sy sandam-bola eo ambany fitehirizany ;
- Fanohanana ny fandoavana vola (Opposition à paiement) : dingana ara-dalàna izay entin'ny olon-kafa hampahafantarana, amin'ny fomba manaraka ny fepetra ara-dalàna takiana, ny mpitan-kaontim-panjakana mpizaka ny fandaniana, fanakanana fandoavana trosa iray amin'ny tompon'ny trosa, ary miorina amin'ny zo voafaritry ny lalàna, didim-pitsarana, na fanoherana ara-dalàna voamarina sy misy antony mazava ;
- Mpanalalana (Ordonnateur) : manam-pahefana ara-pitondrana miandraikitra ny fandidiana ny fanatanterahana ny lahasa ara-tetibola, amin'ny alalan'ny fanamarinana, fikajiana sy famoahana ny baiko famoriam-bola miditra, ary ny fandraiketana sy fikajiana ary famoahana ny baiko fandaniana, fa tsy mikirakira mivantana ny volam-panjakana ;
- Sampandraharaham-panjakana (Organismes publics): dia ny Fanjakana, ny Vondrom-bahoaka Itsinjaram-pahefana ary ireo antokon-draharaham-panjakana ;
- Fahavoazana ara-bola (Préjudice financier) : fahaverezana ara-bola izay mihatra amin'ny fananan'ny sampandraharaham-panjakana ;
- Tamberin'andraikitra ara-bola (Redevabilité) : lamina ahafahana manambara ny mpiasam-panjakana iray eo ambany fahefan'ny mpitan-kaontim-panjakana ho tompon'andraikitra mivantana amin'ny fahadisoana na tsy fanarahan-dalàna nataony teo am-panatanterahana ny asany, ka tsy maintsy hanonerany amin'ny volany manokana ny fahavoazana ara-bola naterany tamin'ny sampandraharaham-panjakana ; izany fandraiketana ny andraikitra izany dia avoitra avy amin'ny ny didim-pitondrana momba ny tamberin'andraikitra, izay avoakan'ny Minisitra misahana ny Fitantanam-bola ;
- Fanafoanana trosa noho ny famindram-po (Remise gracieuse) : fepetra manokana ahafahan'ny Minisitra misahana ny Fitantanam-bola manome, amin'ny alalan'ny didim-pitondrana, fanafoanana manontolo na ampahany amin'ny fandoavam-bola ho an'ny mpitan-kaontim-panjakana nahitana « débet », noho ny fahadiovam-pon'ity farany na ny toe-javatra ara-bola sy manokana mahazo azy, nefa tsy manafoana ny maha ara-dalàna ny trosa na ny taratasy famorian-bola ; ary
- Andraikitra miankina amin'ny tena sy ara-bola (Responsabilité personnelle et pécuniaire) : foto-kevitra fototra amin'ny lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana, izay mahatonga ny mpitan-kaontim-panjakana ho tompon'andraikitra amin'ny fananany amin'ireo fahadisoana na tsy fanarahan-dalàna nataony teo amin'ny fitantanana ny volam-panjakana nankinina taminy nandritra ny fotoam-piasany.

### TOKO FAHA-2: Ny momba ny mpitan-kaontim-panjakana

**Andininy 3.-** Famaritana ny mpitan-kaontim-panjakana
Mpitan-kaontim-panjakana ny mpiasam-panjakana rehetra izay nomen-dàlana tamina Didim-pitondran'ny Minisitra misahana ny Fitantanam-bola mba hanatanteraka amin'ny anaran'ny sampandraharaham-panjakana ny lahasan'ny vola miditra, ny fandaniana na fikirakiràna sora-pizakàna, mety ho tamin'ny alalan'ny vola na sandam-bola tazominy izany, mety ho famindram-bola an-tsoratra anatiny, na mety ho tamin'ny alalan'ny fanelanelanana mpitan-kaontim-panjakana hafa, ary koa ny fitazonana ny kaontin'ny sampandraharaha, araka ny fepetra faritan'ity Lalàna ity.

**Andininy 4.-** Karazana sy fanasokajiana ireo mpitan-kaontim-panjakana
Voasokajy araka ireto fepetra efatra (4) manaraka ireto ireo mpitan-kaontim-panjakana, izay azo ampiharina mitambatra arakaraka ny andraikitry ny toerana mpitana kaonty :
1°- Araka ny andraikitra eo anatrehan'ny fitsarana ara-bola
- mpitan-kaonty voalohany (comptables principaux) ireo izay manao tatitra mivantana ny kaontiny any amin'ny fitsarana ara-bola ;
- mpitan-kaonty faharoa (comptables secondaires) ireo izay tsy voatery mamoaka kaonty any amin'izany fitsarana izany, fa manao ny tatitry ny kaontiny any amin'ny mpitana kaonty voalohany.

2°- Araka ny fampivondronana ny kaonty (centralisation)
- mpitan-kaonty fampivondronana (comptables centralisateurs) ireo miandraikitra ny fandraisana sy fampidirana ao amin'ny sora-bolany ireo lahasa nataon'ny mpitana kaonty iray na maromaro miankina aminy ;
- mpitan-kaonty miankina (comptables rattachés) ireo izay ny lahasa ataony dia ampivondronina ao amin'ny sora-bolan'ny mpitana kaonty fampivondronana.

3°- Araka ny fanendrena hosahanina (assignation)
- mpitan-kaonty mpizaka (comptables assignataires) ireo mpitan-kaontim-panjakana izay nanendrena mpanalalana iray ary izy ireo irery no manana fahefana hanatanteraka ny lahasa ara-kaontin'izany mpanalalana izany ;
- mpitan-kaonty nomem-pahefana (comptables mandataires) ireo izay manao ny famoriam-bola na famoaham-bola amin'ny anaran'ny mpitana kaonty mpizaka.

4°- Araka ny ambaratongam-pitondrana misy azy
- ireo mpitan-kaontin'ny Tahirim-bolam-panjakana ;
- ireo mpitan-kaontin'ny sampandraharaham-pitantanana ara-bola (régies d'administration financière);
- ireo mpitan-kaontin'ny kaominina izay tsy manana mpitana kaontin'ny Tahirim-bolam-panjakana ;
- ireo mpitantana vola na vatsim-bola « régisseurs ».

Ny sokajin'ny mpitan-kaontim-panjakana tsirairay dia voafaritry ny lahatsoratra nananganana ilay toerana hitanana kaonty tantanany.
Araka ny hevitr'ity Lalàna ity, dia raisina ho mpitan-kaonty ambony (comptable supérieur) ny mpitan-kaontim-panjakana rehetra izay, araka ny lahatsoratra manan-kery na ny fandaminana ny tambazotra ara-kaonty, mampihatra fahefana ara-pitondrana sy fahefana manara-maso amin'ny mpitan-kaonty faharoa na miankina iray na maromaro.

**Andininy 5.-** Fombafomba fametrahana ny mpitan-kaontim-panjakana eo amin'ny toerany
Alohan'ny handraisany ny asany, ireo mpitan-kaontim-panjakana dia tsy maintsy :
- mampiseho ny taratasy manendry azy ;
- mandrotsaka ireo antoka (garanties), ka ny tahan'izany sy ny fomba fampiharana azy dia faritana amin'ny alalan'ny fitsipika ; ary
- mianiana, ho an'ireo mpitan-kaonty voalohany, amin'ny fotoana hametrahana azy voalohany, eo anatrehan'ny fitsarana ara-bola izay manana fahefana aminy.

Ireo fombafomba voalaza etsy ambony ireo dia tsy maintsy tanterahina alohan'ny ametrahan'ny manam-pahefana mahefa ilay mpitan-kaontim-panjakana. Ny fitanana an-tsoratra (procès-verbal) ny fandraisana ny asa dia mametra ny datin'ny fametrahana ary mamaritra ny fivelarana sy ny fetran'ny andraikitry ny mpitan-kaonty mivoaka sy ny mpitan-kaonty vao miditra.
Ireo mpitantana ny vola na ny vatsim-bola « régisseurs » dia manomboka miasa raha vao tontosa ireo fombafomba mihatra aminy, tsy mitaky fombafomba fametrahana ofisialy na fanaovana fitanana an-tsoratra fandraisana asa izany.

**Andininy 6.-** Fisoloana toerana sy fitohizan'ny asa raha misy fahabangan-toeran'ny mpitan-kaontim-panjakana
Raha misy ny fahabangan-toeran'ny mpitan-kaontim-panjakana iray, indrindra noho ny fahafatesana, tsy fahafahana, fitsaharana na fampiatoana amin'ny asany, dia asiana mpisolo toerana azy avy hatrany mba hiantohana ny fitohizan'ny raharaham-panjakana.
Ny fanoloana ny mpitan-kaontim-panjakana dia atao amin'ny alalan'ny didim-pitondran'ny Minisitra misahana ny Fitantanam-bola, araka ny fepetra voalazan'ity Lalàna ity.
Raha toa ka tsy azo atao ny fanoloana azy avy hatrany, dia misy mpitan-kaonty mpisolo toerana (comptable intérimaire) voatendry vonjimaika amin'ny alalan'ny fanapahan-kevitry ny Minisitra misahana ny Fitantanam-bola na amin'ny alalan'ny famindram-pahefana nataony tamin'ny manam-pahefana mahefa momba ny fitanan-kaontim-panjakana.
Ireo fepetra amin'ny fanendrena, fametrahana, fiasana, andraikitra ary fitsaharana amin'ny asan'ny mpitan-kaonty mpisolo toerana dia faritana amin'ny alalan'ny fitsipika.

Ny faharetan'ny fisoloana toerana dia tsy mahazo mihoatra ny enim-(6) volana, ary azo havaozina indray mandeha monja raha misy filàna mazava eo amin'ny raharaham-panjakana.

**TOKO FAHA III : Ny andraikitra sy ny adidin'ny mpitan-kaontim-panjakana**

**Andininy 7.-** Ireo andraikitry ny mpitan-kaontim-panjakana
Ny mpitan-kaontim-panjakana dia miandraikitra :

- ny fanaraha-maso ny maha ara-dalàna sy ny famoriana ireo vola miditry ny fanjakana ;
- ny fanaraha-maso ny maha ara-dalàna sy ny fandoavana ireo fandaniam-bolam-panjakana ;
- ny fikirakiràna ny vola (maniement des fonds) sy ny firaketana ara-kaonty ireo fihetsehan'izany ;
- ny fitehirizana ireo vola sy sandam-bola eo ambany fitehirizany ; ary
- ny fitazonana ny kaontin'ny toeram-pitanana kaonty tantanany.

**Andininy 8 .-** Ny andraikitry ny mpitan-kaontim-panjakana eo amin'ny fitantanana ny fananana
Eo amin'ny fitantanana ny fananana (matière patrimoniale), ny mpitan-kaonty mpizaka dia miantoka ny fahamarinana, ny maha ara-dalàna ary ny maha azo itokiana ireo firaketana mahakasika ny fananana, ny fitaovana raikitra sy ny tahirim-pananana (stocks) voasoratra ao amin'ny kaontin'ny sampandraharaham-panjakana, araka ireo didy aman-dalàna sy fitsipika manan-kery.
Amin'izany, izy dia manamarina ny fitoviana (concordance) eo amin'ny antontan-kevitra avy amin'ny kaonty momba ny fananana (comptabilité des matières) sy ireo ao amin'ny kaonty tazoniny, miainga amin'ireo fampahalalana sy antontan-taratasy ampitain'ireo mpitan-kaonty momba ny fananana mahefa.
Ny andraikiny dia tsy mihatra amin'ny fijerena mivantana (vérification physique) ireo fananana. Ny fanisana (inventaire) dia andraikitry ny mpitana kaonty momba ny fananana, ary ny fitehirizana sy ny fiambenana ireo fananana dia anjaran'ny mpitana ny fananana (détenteur des matières).

**Andininy 9.-** Ireo adidin'ny mpitan-kaontim-panjakana
Ny mpitan-kaontim-panjakana dia tsy maintsy manaja ireo foto-kevitry ny fitantanam-bolam-panjakana ary koa ireo fitsipiky ny fitanan-kaontim-panjakana voafaritry ny lahatsoratra manan-kery. Izy dia miantoka indrindra ny famoahana kaonty ara-dalàna, marina sy feno, ao anatin'ny fanajana ireo fomba sy fenitry ny kaonty, mihatra amin'ny sampandraharaham-panjakana. Amin'izany, izy dia voatery hanao :

- ny fanamarinana ny lahasa ataony amin'ny alalan'ny famoahana ireo antontan-taratasy fanamarinana voalaza ao amin'ny fafana fitanisana (nomenclature) manan-kery ;
- ny fitehirizana ireo antontan-taratasy ara-kaonty mandritra ny fe-potoana dimy (5) taona ;
- ny fitoviana tanteraka eo amin'ny kaonty tazoniny sy ny toetry ny vola sy tahirim-bola eo ambany fitehirizany.

**Andininy 10.-** Zava-kendrena sy fivelaran'ny fanaraha-mason'ny mpitan-kaonty mpizaka
Miainga amin'ireo andraikitra voalaza ao amin'ny andininy faha-7, ny mpitan-kaonty mpizaka dia manao :
1° - amin'ny lafiny vola miditra : fanaraha-maso ny maha ara-dalàna ireo antontan-taratasy fanamarinana mahakasika :

1. ny fisiana sy ny fahatomombanan'ny fanomezan-dàlana handraisana ny vola ;
2. ny maha ara-dalàna ny fampihenana, ny fanafoanana na fanitsiana ireo baiko famoriam-bola ; ary
3. ny fahamarinan'ny kajin'ny famaritana ny trosa (liquidation), araka ireo lahatsoratra lalàna sy fitsipika manan-kery. Izy dia manatontosa ireo fomba arahina voafaritry ny lalàna sy ny fitsipika mba hiantohana ny famoriana ny trosa, araka izay tratry ny torohay eo am-pelatanany.

2° - amin'ny lafiny fandaniana : fanaraha-maso ny maha ara-dalàna ireo antontan-taratasy fanamarinana mahakasika :

1- ny fahefan'ny mpanalalana (qualité de l'ordonnateur) ;

2- ny fahamarinan'ny fanasokajiana ny fandaniana (imputation) ;
3- ny fisian'ny sora-bola (crédits) ;
4- raha ilaina, ny fisian'ny tahirim-bola azo ampiasaina (fonds libres) ;
5- ny fahatomombanan'ny trosa araka ireto fepetra manaraka ireto :
   a) ny fanamarinam-pahavitan'ny asa (certification du service fait) nataon'ny mpiantsehatra ara-tetibola nahazo fahefana ;
   b) ny fahamarinan'ny kajy fikaontina (liquidation) ;
   d) ny fisian'ireo antontan-taratasy fanamarinana takian'ny lahatsoratra fitsipika manan-kery ;
   e) ny fampiharana ireo fitsipiky ny fahalaniana paik'andro sy ny fahaverezan-jo (prescription et déchéance) ;
   f) ny tsy fisian'ny fanohanana ny fandoavana (opposition à paiement), izay nampitaina araka ny fomba voalazan'ny lalàna tamin'ny mpitan-kaontim-panjakana ;
   g) ny fisian'ny sonia (visas) fanamarinana nataon'ireo mpiantsehatra ara-tetibola nahazo fahefana teo amin'ireo antontan-taratasy fanamarinana ;
6- ny fahatomombanan'ny taratasy fandraisana (quittance) na ny sora-pizakàna manafaka amin'ny trosa (titre libératoire).
   Ireo fitsipika ampiharina amin'ny fanaraha-maso ny fandoavana fandaniana dia mihatra ihany koa amin'ny fanaraha-maso ny famindrana sandam-bola (remise des valeurs).

**Andininy 11.-** Zava-kendrena sy fivelaran'ny fanaraha-mason'ny mpitan-kaonty nomem-pahefana

Raha miainga amin'ireo andraikitra voalaza ao amin'ny andininy faha-7, ny mpitan-kaonty nomem-pahefana dia manatanteraka, amin'ny alalan'ny antontan-taratasy fanamarinana, ny fanaraha-maso ny maha ara-dalàna :

1°- ireo vola miditra izay nankinina taminy ny famoriana azy, araka ny andalana 1° amin'ny andininy faha-10; ary

2°- ireo fandaniana izay nampitaina taminy ho efaina, araka ny andalana 2.5. sy 2.6. amin'ny andininy faha-10, ary rehefa hitany ny sonia fanamarinana (visa) mialoha nataon'ny mpitan-kaonty mpizaka, raha toa ka ilaina izany.

Izany fanaraha-maso izany dia atao ao anatin'ny fetran'ny fahefany sy ny faritra iasany, araka izay voafaritr'ireo fehezan-dalàna manan-kery.

Ny fombafomba fampitàna amin'ny mpitan-kaonty nomem-pahefana ireo fanohanana ny fandoavana (oppositions à paiement) navoakan'ny mpitan-kaonty mpizaka dia faritana amin'ny alalan'ny fitsipika.

**TOKO FAHA-4: Ireo foto-kevitra sy fitsipika fototry ny asan'ny mpitan-kaontim-panjakana**

**Andininy 12.-** Fitsipiky ny fanavahana ny andraikitry ny mpanalalana sy ny mpitan-kaontim-panjakana

Ny andraikitry ny mpanalalana sy ny mpitan-kaontim-panjakana dia tsy azo ampirafesina ary tanterahina tsy misy fifampiankinana ara-pitondrana. Ny mpitan-kaontim-panjakana, mbamin'ny vadiny, ny ray aman-dreniny sy ny taranany mivantana, ny mpiray tampo aminy, dia tsy afaka manatanteraka, ao anatin'ny sampandraharaham-panjakana iray ihany na amin'ny faritry ny asa mifandray mivantana amin'ilay toerana mpitana kaonty, ireo andraikitry ny :

– mpanalalana (ordonnateur) ;
– mpitantana atrik'asa (gestionnaire d'activités) ;
– tompon'andraikitry ny tsenambaro-panjakana (PRMP) ; sy
– fanaraha-maso ara-bola (contrôle financier).

**Andininy 13.-** Ireo asa tsy azo ampirafesina amin'ny asan'ny mpitan-kaontim-panjakana

Ny asan'ny mpitan-kaontim-panjakana dia tsy azo ampirafesina amin'ny fanaovana izay rehetra asa na andraikitra misy fikirakirana, fitantanana na fitehirizana vola manokana, na dia vetivety aza, na indraindray na tsy andraisan-karama.

**Andininy 14.-** Ny fandrarana ny fitsabahana amin'ny asan'ny mpitantana ny tetibola
Ny mpitan-kaontim-panjakana dia tsy maintsy miala amin'ny izay rehetra fitsabahana (immixtion) amin'ny andraikitry ny mpiantsehatra ao amin'ny rafitry ny tetibola, indrindra ny an'ny mpanalalana, ny mpitantana atrik'asa ary ny mpanara-maso ara-bola. Izy dia manatanteraka ny iraka nampanaovina azy ao anatin'ny fanajana tanteraka ny fitsipiky ny fanavahana ny andraikitra ara-tetibola sy ara-kaonty.

**Andininy 15.-** Ny fitsipiky ny fananana fahefana manokana ho an'ny mpitan-kaonty voatendry ara-dalàna
Ny mpitana kaonty voatendry ara-dalàna (comptable patent) irery no manana fahefana manokana (compétence exclusive) hanatanteraka ireo andraikitra voalaza ao amin'ny andininy faha-3 sy faha-7 ka hatramin'ny faha-11 amin'ity Lalàna ity.
Ankoatra ireo sazy famaizana ara-keloka na ara-pitondrana mety hahazo azy, ny mpitan-kaonty tsy nahazoana fahefana (comptable de fait) dia iharan'ireo adidy mitovy amin'ny an'ny mpitan-kaonty voatendry ara-dalana momba ny fanamarinana, ny fitanana ary ny famoahana ny kaonty, ary iharan'ny rafitra ara-andraikitra miankina amin'ny tena sy ara-bola voalazan'ity Lalàna ity ihany koa.

**Andininy 16.-** Ny fitsipiky ny maha tokana ny kitapom-bola
Ny mpitan-kaontim-panjakana dia tsy mitana afa tsy kitapom-bola iray (unicité de caisse), izay mampivondrona ireo vola sy sandam-bola an'ny sampandraharaham-panjakana iandraiketany.

## LOHATENY II

## IREO RAFITRA ARA-ANDRAIKITRA

### TOKO VOALOHANY : Ny andraikitra miankina amin'ny tena sy ara-bolan' ny mpitan-kaontim-panjakana

**Andininy 17.-** Ny fototry ny andraikitra miankina amin'ny tena sy ara-bola
Ankoatra ny amin'ny sakana tsy azo ihoharana (force majeure), ny mpitan-kaontim-panjakana dia tompon'andraikitra miankina amin'ny tenany sy ara-bola amin'ireo lahasa sy fanaraha-maso napetraka aminy, izany dia mahakasika ny fitambaran'ny lahasa rehetra amin'ny toerana tantaniny manomboka amin'ny daty nandraisany ny asa ka hatramin'ny fitsaharany amin'izany.

**Andininy 18.-** Ny fepetra fampiharana ny andraikitra miankina amin'ny tena sy ara-bola
Raha misy ny tsy fanatanterahan'ny mpitan-kaontim-panjakana ny adidiny, ireo rantsa-mangaika mpanara-maso voalaza ao amin'ny Lohateny III no manombana ny fisian'ny fahavoazana ara-bola naterany tamin'ny sampandraharaham-panjakana ary, raha misy izany, dia mandraikitra ny andraikitra miankina amin'ny tenany sy ara-bola araka ity Lalàna ity.

**Andininy 19.-** Ireo tranga miteraka ny andraikitra miankina amin'ny tena sy ara-bola
Mandraikitra ny andraikitra miankina amin'ny tena sy ara-bolan'ny mpitan-kaontim-panjakana ireto tranga manaraka ireto :
- fisian'ny fahabangan'ny vola na sandam-bola (déficit na manquant) ;
- tsy famoriana ireo vola miditra apetraka ho andraikiny ;
- fandoavana fandaniana tsy ara-dalàna ;
- ny fandraisana na fandeferana ny fandraisana vola miditra izay tsy voalazan'ny lalàna (concussion) ;
- izay rehetra tsy fanarahan-dalàna lehibe eo amin'ny fitazonana ny kaonty izay manimba ny fahamarinany, ny toetra maha feno sy azo itokisana azy ;
- ny fanodinkodinana, araka ny famaritana ao amin'ny andininy faha-2 amin'ity Lalàna ity.

Amin'ny lafiny vola miditra, dia azo raiketina ny andraikitry ny mpitan-kaonty mpizaka :

- rehefa tsy mifanaraka amin'ny elanelan'ny sora-bolan'ny baiko famorian-bola raisina an-tànana sy ireo famoriana efa vita ny ambim-bola takiana (restes à recouvrer) voasoratra ao amin'ny kaontiny ;
- rehefa tsy nahatanteraka ireo fomba tsy maintsy arahina, izay voafaritry ny lalàna sy fitsipika, izy, mba hiantohana ny famoriana ny vola miditra ;
- rehefa misy vola miditra manala adidy nefa tsy voasoratra ao amin'ny kaontiny ;
- rehefa nisy fampihenana na fanafoanana ny taratasy fitakiam-bola natao tsy ara-dalàna, ao anatin'ny fetran'ny torohay fantany.

Ho an'ny fampivondronana ny vola miditra nangonin'ireo ireo mpitantana vola na vatsim-bola (régisseurs) na mpitan-kaonty nomem-pahefana, ny andraikitry ny mpitan-kaonty fampivondronana dia tsy azo raiketina afa tsy amin'ny fetran'ny fanaraha-maso takiana aminy.

Amin'ny lafiny fandaniana, dia raiketina ny andraikitry ny mpitan-kaontim-panjakana rehefa tsy azony porofoina ny nanaovany ny fanaraha-maso voalaza ao amin'ny andininy faha-10. Tsy misy fandaniana azo aloa raha tsy misy baiko voasoratra, misy ny sonian'ny mpanalalana voatendry ara-dalàna, ankoatra ny momba ireo tranga sy fepetra voalazan'ny lalàna sy ny fitsipika, indrindra rehefa mialoha ny famoahana ny baiko fandaniana ny fandoavana azy ka mitaky ny fanarenana ho amin'ny tokony ho izy aty aoriana.

**Andininy 20.-** Ny andraikitra miankina amin'ny tena sy ara-bola ao anatin'ny tontolo tsy mampiasa taratasy

Rehefa tanterahina amin'ny alalan'ny fomba tsy mampiasa taratasy (dématérialisé) na amin'ny fomba mandeha ho azy ireo lahasan'ny vola miditra na ny fandaniana, dia mihatra hatrany ny andraikitra miankina amin'ny tena sy ara-bolan'ny mpitan-kaontim-panjakana. Na izany aza anefa, ny andraikitra miankina amin'ny tena sy ara-bolan'ny mpitan-kaontim-panjakana dia tsy azo raiketina noho ireo famoaham-bola mandeha ho azy natao tao amin'ny kaontin'ny Tahirim-bolam-panjakana ao amin'ny bokin'ny Banky Foiben'i Madagasikara (BFM), rehefa vokatry ny fampiharana ireo fepetra ao amin'ny satan'izany andrim-panjakana izany izany, na vokatry ny fifanarahana manokana nataon'ny Fanjakana taminy, na vokatry ny fehezan-dalàna na fitsipika manokana hafa.

Ny fombafomba fandraiketana ny andraikitra miankina amin'ny tena sy ara-bolan'ireo mpitan-kaontim-panjakana, ka amaritana indrindra ny fivelaran'ny fanaraha-maso sy ny adidin'ny mpitan-kaonty ao anatin'ny tontolo tsy mampiasa taratasy, dia faritana amin'ny alalan'ny fitsipika, ao anatin'ny fampifanarahana amin'ny fivoaran'ny teknolojia.

**Andininy 21.-** Ny adidy handà ny lahasa tsy ara-dalàna

Ny mpitan-kaontim-panjakana dia voatery handà an-tsoratra, amin'ny fomba ofisialy (rejeter officiellement) izay rehetra fandaniana tsy ara-dalàna aroso ho aloa ary koa ireo vola miditra tsy ara-dalàna. Raha tsy izany, dia mety ho raikitra ny andraikitra miankina amin'ny tenany sy ara-bola.

Na izany aza nefa, rehefa ny fandaniana nolavina no anaovan'ny mpanalalana baiko fandoavam-bola an-tery ara-dalàna (réquisition régulière), araka ny fepetra voafaritry ny didim-panjakana, dia tanterahin'ny mpitan-kaontim-panjakana izany fandaniana izany eo ambany andraikitry ny mpanalalana irery ihany, ary afaka amin'ny andraikiny izy araka ny andininy faha-23.

**Andininy 22.-** Ny fomba fanambarana ny andraikitra miankina amin'ny tena sy ara-bola

Ny andraikitra miankina amin'ny tena sy ara-bolan'ny mpitan-kaontim-panjakana dia ampiharina, arakaraka ny tranga :

- amin'ny alalan'ny lamandy noho ny fahadisoana ara-pitantanana (amende pour faute de gestion) rehefa tsy misy fahavoazana ara-bola hita ho an'ny sampandraharaham-panjakana ;
- na amin'ny alalan'ny vola takiana noho ny fahabangan'ny fitantanana (débet comptable), mitovy vidy amin'ny vola voakasika, rehefa misy ny fahavoazana ara-bola hita ho an'ny sampandraharaham-panjakana.

Izany dia ambaran'ny fanapaha ara-pitsaranan'ny fitsarana momba ny kaonty, na amin'ny alalan'ny didim-pitondrana momba ny sazy ara-bola avoakan'ny Minisitra misahana ny Fitantanam-bola.
Ireo didim-pitondrana navoaka toy izany dia manankery avy hatrany, miteraka vokatra mitovy ary tanterahina tahaka ireo fanapahan-kevitry ny fitsarana.
Ny lamandy noho ny fahadisoana ara-pitantanana dia voafaritra ho eo anelanelan'ny 100 000 ariary sy 1 000 000 ariary. Izany fetra izany dia azo ovaina, raha misy ny filàna izany, amin'ny alalan'ny lalàna mifehy ny tetibola isan-taona.

**Andininy 23.-** Ireo tranga manafaka amin'ny andraikitra
Ny mpitan-kaontim-panjakana dia afaka amin'ny andraikitra miankina amin'ny tena sy ara-bola amin'ireto tranga manaraka ireto :
- fisian'ny toe-javatra mampisy sakana tsy azo ihoharana (force majeure) ;
- antony avy amin'ny olon-kafa (fait d'un tiers) , toy ny mpandoa vola (billeteur), ny mpitan-kaonty tsy nahazoana fahefana, ny mpanalalana, ny mpitantana atrik'asa na izay rehetra mpiantsehatra hafa ;
- tsy famoriana ny sora-bolan'ny baiko famoriam-bola , rehefa nampiseho ireo antontan-taratasy manamarina ny fanatanterahana ireo fomba tsy maintsy arahina, izay voafaritry ny lalàna sy fitsipika, izy, mba hiantohana ny famoriana ny vola miditra ;
- tsy famoahana baiko famoriam-bola (ordre de recette) nataon'ny mpanalalana ;
- tsy fanomezan'ny mpanalalana azy ireo fanapahan-kevitra momba ny fampihenana na fanafoanana natao tamin'ireo baiko famoriam-bola ;
- hosoka (faux) na fampiasana hosoka mihatra amin'ireo antontan-taratasy fanamarinana nampitaina taminy ;
- tsy fanarahan-dalàna tamin'ny fitantanana talohan'ny nandraisany ny asa ;
- baiko fandoavam-bola an-tery ara-dalàna (réquisition régulière) nataon'ny mpanalalana ;
- fandoavana natao ho fanatanterahana ny fanapahan-kevitry ny fitsarana.

Ny mpitan-kaontim-panjakana dia tsy azo raisina ho tompon'andraikitra amin'ireo tsy fanarahan-dalàna vokatry ny :
a) fahadisoana ara-tsoratra (erreur matérielle) , torohay tsy marina na antontan-taratasy diso nampitain'ny mpanalalana, rehefa tsy hay ho fantarina izany tao anatin'ny fanaraha-maso ny antontan-taratasy ;
b) zava-mitranga na tsy fanarahan-dalàna tsy hay ho fantarina amin'ny fanaraha-maso ny antontan-taratasy, izay mila fizahana ifotony (vérification sur place) na miankina amin'ny fanombanana manokan'ny mpanalalana.
Ny fitsarana ara-bola na ny Minisitra misahana ny Fitantanam-bola dia afaka, arakaraka ny tranga, manombana ny fisian'ny toe-javatra hafa manafaka amin'ny andraikitra rehefa hita amin'ny zava-misy fa tsy nisy ny tsy fanatanterahana adidy azo ampiharina amin'ny mpitan-kaontim-panjakana.

**Andininy 24.-** Ireo antoka amin'ny fomba fiasa arahina amin'ny fandraiketana andraikitra
Izay rehetra fandraiketana ny andraikitry ny mpitan-kaontim-panjakana dia tsy maintsy manaja ireo foto-kevitry ny zo hiaro tena (droit à la défense), ny famaliana setriny (contradictoire) ary ny maha mifandanja sy sazy amin'ny natao (proportionnalité) . Tsy misy sazy azo ambara raha toa ka ny fahadisoana aroso dia tsy vokatry ny tsy fanatanterahana mazava ireo adidy fanaraha-maso takiana aminy.

**Andininy 25.-** Ny fanalefahana sy ny fahafahana hitory
Ny vola takiana (débet comptable) dia azo anaovana fangatahana fanafoanana trosa noho ny famindram-po (remise gracieuse) any amin'ny Minisitra misahana ny Fitantanam-bola, araka ny fepetra voafaritry ny fitsipika. Rehefa voatery hanonitra ny fahavoazana ara-bola nateraky ny iray tamin'ireo mpiasa eo ambany fahefany ny mpitan-kaontim-panjakana, na nateraky ny mpitan-kaonty nomem-pahefana na ny mpitan-kaonty faharoa, dia manana zo hitory azy ireo izy (action récursoire). Ny fombafomba fampiharana izany fitoriana izany dia faritana amin'ny alalan'ny fitsipika.

**Andininy 26.-** Ny fanafoanana trosa noho ny famindram-po (remise gracieuse)
Ankoatra ny amin'ny fanodikodinana volam-panjakana na firaisana tsikombakomba tamin'izany, ny mpitan-kaontim-panjakana rehetra nahitana "débet" dia afaka mangataka amin'ny Minisitra misahana ny Fitantanam-bola ny fanafoanana trosa noho ny famindram-po amin'ireo vola takiana aminy. Ny fanafoanana trosa noho ny famindram-po dia omena amin'ny alalan'ny didim-pitondran'ny Minisitra misahana ny Fitantanam-bola. Raha sanatria ka maty ilay mpitan-kaontim-panjakana nahitana "débet", dia ny mpandova azy (ayants droit) no afaka manao ny fangatahana fanafoanana trosa noho ny famindram-po. Na izany aza, misy ampahany amin'ny "débet" dia tsy maintsy iantohan'ny mpitan-kaontim-panjakana na ny mpandova azy raha maty izy, ka ny sora-bola farany ambany tsy azo foanana (montant irrémissible) dia faritana amin'ny alalan'ny didim-panjakana, ny sandan'izany dia faritana indrindra arakaraka ny antoka napetraka (cautionnement) na ny isan-jaton'ny fikirakirana ara-bola voakasika. Rehefa tamin'ny alalan'ny fitsarana ny débet (débet juridictionnel), dia ny Kaomisera Jeneralin'ny Tahirim-bolam-panjakana na ireo Kaomisera ara-bola mahefa no manome ny heviny momba ny fangatahana fanafoanana trosa noho ny famindram-po, araka ny fehezan-dalàna manan-kery. Ny fombafomba amin'ny dingana arahina, ny fanadihadiana ary ny fandinihana ny fangatahana fanafoanana trosa noho ny famindram-po dia faritana amin'ny alalan'ny didim-pitondran'ny Minisitra misahana ny Fitantanam-bola.

**Andininy 27.-** Ny famoriana ny lamandy sy ny vola takiana (débet)
Ny famerenana ara-kaonty (apurement) ny lamandy noho ny fahadisoana ara-pitantanana sy ny vola takiana dia andraikitry ny mpitan-kaonty mpizaka an'ny sampandraharaham-panjakana, izay miandraikitra ny hiantoka ny famoriana izany amin'ny alalan'ny fomba ara-dalàna rehetra. Raha misy ny "débet administratif" vokatry ny fahabangan'ny vola ao amin'ny kitapom-bola, ny famerenana ny fifandanjan'ny kaontin'ny sampandraharaham-panjakana dia atao amin'ny alalan'ny firaketana amin'ny kaonty fiandrasana (compte d'attente). Ny fombafomba fampiharana ity andalana ity dia faritana amin'ny alalan'ny fitsipika.

**Andininy 28.-** Ny sazy noho ny tsy fankatoavana amin'ny fanitsiana ny débet
Ny mpitan-kaontim-panjakana rehetra izay mandà ny hanao ny fanitsiana ara-kaonty (ajustements) taorian'ny fahitana ny fisian'ny "débet" dia manao fihetsika fanoherana (insubordination). Azo ampiharana aminy ireo sazy ara-pifehezana (sanctions disciplinaires) voalazan'ny fitsipika manan-kery, nefa tsy manakana izany, raha misy ny ilàna izany, ny lamandy noho ny fahadisoana ara-pitantanana izay azo ambara araka ny fepetra azo ampiharina.

**Andininy 29.-** Ny fanafoanana trosa mivantana raha tara ny fitsarana ny kaonty
Ho faninganana amin'ny fepetra ao amin'ny andininy faha-26, izay rehetra débet ambarana mihoatra ny dimy (5) taona manomboka amin'ny daty nandraisana ny kaonty fitantanana (comptes de gestion) nampitain'ny mpitan-kaontim-panjakana any amin'ny Fitsarana ara-bola dia anaovan'ny Minisitra misahana ny Fitantanam-bola fanafoanana trosa manontolo mivantana (d'office), ankoatra ny amin'ny fanodikodinana volam-panjakana na firaisana tsikombakomba tamin'izany.

### TOKO FAHA-2 : Andraikitra hafan'ny mpitan-kaontim-panjakana

**Andininy 30.-** Ny hamaroan'ny rafitra ara-andraikitra
Ankoatra ny andraikitra miankina amin'ny tena sy ara-bola voafaritra ao amin'ny toko teo aloha, ny mpitan-kaontim-panjakana dia iharan'ny andraikitra ara-pitondrana, ara-ady madio (civile) ary ara-pamaizana (pénale) voalaza ao amin'ny andininy faha-31 ka hatramin'ny faha-33 amin'ity Lalàna ity ihany koa, noho ny zava-bitany teo am-panatanterahana ny asany.

**Andininy 31.-** Ny andraikitra ara-pitondrana
Ny mpitan-kaontim-panjakana dia tompon'andraikitra amin'ny lahasa ataony amin'ny fepetra mitovy amin'ny an'ireo mpiasa hafa ao amin'ny sampandraharaham-panjakana, araka ireo lahatsoratra lalàna sy fitsipika mifehy ny asam-panjakana.

**Andininy 32.-** Ny andraikitra ara-ady madio (civile)

Ny sampandraharaham-panjakana irery no mamaly, manoloana ny olon-kafa (tiers), ny fahavoazana vokatry ny lahasa na fanadinoana nataon'ny mpitan-kaontim-panjakana amin'ny maha mpitana kaonty azy. Rehefa ny sampandraharaham-panjakana no miantoka ny fanonerana ny fahavoazan'ny olon-kafa iray, dia afaka mitaky ny mpitan-kaonty izany sampandraharaha izany (action récursoire), rehefa voaporofon'ny rantsa-mangaika mpanara-maso mahefa ny fisian'ny fahadisoana miankina amin'ny tenany manokana ka azo sarahina amin'ny fanatanterahana ny asany. Ny fitoriana (action récursoire) dia aroso, arakaraka ny karazan'ny fahadisoana, any amin'ny fitsarana mahefa :

- any amin'ny fitsarana ady madio (juridiction judiciaire) raha fahadisoana miankina amin'ny tena miteraka ny andraikitra sivily an'ny mpitan-kaontim-panjakana ;
- any amin'ny fitsarana ara-pitondrana (juridiction administrative), rehefa mifandray amin'ny lahasa ara-pitondrana na amin'ny fanapahan-kevitra momba ny fitantanana nataony amin'ny maha mpitan-kaonty azy.

Ny fombafomba fampiharana izany fitoriana izany dia faritana amin'ny alalan'ny fitsipika.

**Andininy 33.-** Ny andraikitra ara-ady heloka (pénale)

Ny mpitan-kaontim-panjakana dia mety hiharan'ny andraikitra ara-ady heloka (pénale) eo ampanatanterahana ny asany amin'ny fepetra voalazan'ny lalàna manan-kery. Ny fanenjehana ara-ady heloka atao aminy, mbamin'ireo mpitan-kaonty nomem-pahefana miasa amin'ny anarany, dia tsy maintsy ahazoana alalana mialoha avy amin'ny Minisitra misahana ny Fitantanam-bola, ankoatra ny amin'ny fanodikodinana volam-panjakana izay voamarina mazava amin'ny manam-pahefana mpanara-maso mahefa.

Hatsangana eo anivon'ny Minisitra misahana ny Fitantanam-bola ny vaomiera mpanolotsaina (commission consultative), izay tarihin'ny Tale Jeneralin'ny Tahirim-bolam-panjakana, miandraikitra ny fandinihana ireo fangatahana alalana hanenjika sy famoahana hevitra. Ny Minisitra misahana ny Fitantanam-bola no tompon'ny fanapahan-kevitra farany amin'ny fanomezana na fandavana ny alalana hanenjika.

Ny firafitry ny vaomiera, ny fandaminana ary ny fomba fampandehanana azy dia faritana amin'ny alalan'ny fanapahan-kevitry ny Minisitra misahana ny Fitantanam-bola.

## TOKO FAHA-3 : Andraikitr'ireo mpiasa sy mpiantsehatra mifandray aminy

**Andininy 34.-** Ny andraikitra ara-bola ho an'ireo mpiasa sy mpiantsehatra

Ny mpiasam-panjakana rehetra, ny mpiantsehatra na mpandray anjara, izay napetraka eo ambany fahefan'ny mpitan-kaontim-panjakana, ka mandray anjara amin'ny dingana fanatanterahana ny fandaniana na ny vola miditra, dia azo ambara ho tompon'andraikitra amin'ny tsy fanatanterahana adidy izay niteraka fahavoazana ara-bola tamin'ny sampandraharaham-panjakana iray.

Amin'izany tranga izany, dia raikitra ny andraikitra ara-bolany amin'ny alalan'ny didim-pitondrana momba ny tamberin'andraikitra ara-bola (redevabilité) avoakan'ny Minisitra misahana ny Fitantanam-bola.

Ity fandraiketana andraikitra ity dia eo ambany rafitra hafa saraka amin'ny andraikitra miankina amin'ny tena sy ara-bola ampiharina amin'ireo mpitan-kaontim-panjakana.

## LOHATENY III

## FANARAHA-MASO ATAO AMIN'NY MPITAN-KAONTIM-PANJAKANA

### TOKO VOALOHANY : Fitsarana ny kaonty

#### Andininy 35.- Ny fitsarana ny kaonty

Ny kaontin'ireo mpitan-kaontim-panjakana voalohany dia iharan'ny fitsarana ny kaonty (contrôle juridictionnel) ataon'ny fitsarana ara-bola (juridiction financière), araka ny fehezan-dalàna sy fitsipika manan-kery. Amin'izany, ny fitsarana ara-bola dia mandinika ny maha ara-dalàna ireo vola miditra sy ny fandaniana voasoratra ao anatin'ny kaonty, manoloana ireo fitsipika sy fomba ampiharina amin'ny fitsarana ny kaonty ary koa ireo andininy faha-15 sy faha-16 amin'ity Lalàna ity. Izy dia manombana, raha ilaina, ny fisian'ny fahavoazana ara-bola azo raiketina amin'ny mpitan-kaontim-panjakana ka manimba ny sampandraharaham-panjakana.

### TOKO FAHA-2: Fanaraha-maso ara-pitondrana

**Andininy 36.-** Ireo rantsa-mangaika mahefa amin'ny fanaraha-maso ara-pitondrana
Ny mpitan-kaontim-panjakana dia eo ambany fanaraha-maso sy fanamarinan'ireo rantsa-mangaika mpanara-maso (organes de contrôle) ara-pitondrana voalazan'ny fehezan-dalàna lalàna sy fitsipika manan-kery. Ireo mpitan-kaonty faharoa na miankina dia iharan'ny fanaraha-mason'ireo mpitan-kaonty voalohany na fampivondronana, azy ihany koa, fanampin'izany.

**Andininy 37.-** Ny sazy raha misy ny fandavana ny fanaraha-maso
Ny mpitan-kaontim-panjakana rehetra izay mandà ny hampiseho amin'ny lehibeny ara-pitondrana na amin'ny mpiasa mpanara-maso mahafeno fepetra sy nomen-dàlana ara-dalàna ireo singan-taratasy ao amin'ny kaontiny, na mandà ny hanao ny fanisana (inventaire) ireo vola sy sandam-bola ambany fitehirizany, dia manao fihetsika fanoherana (insubordination).
Amin'izany, izy dia mety hiharan'ny fampiatoana (suspension) amin'ny asany amin'ny alalan'ny fanapahan-kevitry ny manam-pahefana ambony mahefa azy.
Azo atao ny miantso ny mpitandro ny filaminana (force publique), raha misy ny ilàna izany, mba hiantohana ny fakana sy fiarovana ireo vola, sandam-bola ary antontan-taratasy mahakasika ilay toerana mpitana kaonty.

**Andininy 38.-** Ny fepetra fiarovana raha misy ny fahabangan'ny vola ao amin'ny kitapom-bola
Raha misy fahitana ny fahabangan'ny vola ao amin'ny kitapom-bola (déficit de caisse), ny mpitan-kaontim-panjakana na ireo mpiasa eo ambany fahefany dia azo ampiatoana amin'ny asany ho fepetra fiarovana (titre conservatoire), amin'ny alalan'ny fanapahana misy fanazavana (décision motivée) avy amin'ny manam-pahefana ambony mahefa azy.

**Andininy 39.-** Ny fototry ny fanaraha-maso ara-pitondrana
Raha misy ny tsy fanatanterahan'ny mpitan-kaontim-panjakana ireo andraikitra sy adidiny, ireo rantsa-mangaika mpanara-maso ara-pitondrana no manombana, araka ireo foto-kevitra voafaitr'ity Lalàna ity, ny fisian'ny sakana tsy azo ihoharana (force majeure) sy ny fahavoazana ara-bola.

## LOHATENY IV

## IREO ZO SY TOMBONTSOA MANOKAN'NY MPITAN-KAONTIM-PANJAKANA

**Andininy 40.-** Ny fahaleovan-tenan'ny mpitan-kaontim-panjakana
Ny mpitan-kaontim-panjakana dia manana fahaleovan-tena amin'ny asany (autonomie fonctionnelle) izay miantoka ny fanatontosana ireo andraikitra sy adidiny amim-pahafahana amin'ny izay rehetra tsindry (pression) na fitsabahana (ingérence), ao anatin'ny fanajana ny lalàna sy ny fitsipika manan-kery.

**Andininy 41.-** Ny fitadiavana ny fanampian'ny mpitandro ny filaminana
Ny mpitan-kaontim-panjakana dia misitraka mivantana ny fanampian'ny mpitandro ny filaminana (forces de l'ordre) mba hiantohana ny fiarovana (sécurisation) ireo lahasa famatsiana sy famoahana vola, ary koa ny fiarovana ny toeram-piasany momba ny kaonty. Ny fombafomba fanelanelanana sy fandrindrana amin'ny mpitandro ny filaminana dia faritana amin'ny alalan'ny didim-pitondran'ny Minisitra misahana ny Fitantanam-bola.

**Andininy 42.-** Ny fampiasana ny fahefan'ny Tahirim-bolam-panjakana (privilège du Trésor)
Ny mpitan-kaonty mpizaka (comptable assignataire), mbamin'ireo mpiasa eo ambany fahefany nahazo alalana ara-dalàna, dia mampihatra mivantana ny fahefan'ny Tahirim-bolam-panjakana (privilège du Trésor) mba hanatanterahana ny famoriana ireo vola miditry ny fanjakana, araka ny fepetra voalazan'ireo lahatsoratra manan-kery.

**Andininy 43.-** Ireo tombontsoa sy tambin-karama mifandraika amin'ny asan'ny mpitan-kaontim-panjakana
Tabin'ny andraikitra miankina amin'ny tena sy ara-bola miantefa aminy amin'ny fepetra voafaritr'ity Lalàna ity, ny mpitan-kaontim-panjakana dia mahazo tambin-karama noho ny andraikitra (indemnité de responsabilité) ary koa tambin-karama noho ny ambana (indemnité de risque) mifandraika amin'ny asany, ka ny tahan'izany dia faritana amin'ny alalan'ny didim-panjakana raisina eo amin'ny Filan-kevitry ny Governemanta.
Ankoatra ireo tambin-karama voalaza etsy ambony ireo, izy ireo dia afaka mahazo ireo tombontsoa ara-tsata (avantages statutaires) na tambin-karama mifandraika amin'ny laharany eo anivon'ny sampandraharaham-panjakana nanendrena azy hiasa. Ireo tombontsoa sy tambin-karama hafa omena ny mpitan-kaontim-panjakana dia faritana amin'ny alalan'ny didim-panjakana.

## LOHATENY V

## FITSAHARANA AMIN'NY ASA SY FAMOTSORANA IREO ANTOKA NAPETRAKA

**Andininy 44.-** Ny fomba fitsaharana amin'ny asan'ny mpitan-kaontim-panjakana
Ny fitsaharana amin'ny asan'ny mpitan-kaontim-panjakana iray, ankoatra ireo régisseurs de recettes et de dépenses, dia ambara amin'ny alalan'ny fomba mitovy amin'ny nanendrena azy ary miteraka fanaovana fitanana an-tsoratra ny famindram-pitantanana (procès-verbal de passation de service), raha ilaina izany. Ny fitsaharana amin'ny asan'ireo régisseurs dia mitranga amin'ny fahataperan'ny fe-potoana nisokafan'ny régie na amin'ny fotoana hanidiana azy, araka ny fombafomba voafaritry ny fitsipika.

**Andininy 45.-** Ny famotsorana ireo antoka napetrak'ny mpitan-kaontim-panjakana
Ny famotsorana (libération) ireo antoka (garanties) napetraky ny mpitan-kaontim-panjakana dia tsy afaka atao raha tsy miainga amin'ny "quitus de gestion" izay manamarina ny famitana tanteraka ireo lahasa nataony. Izany dia omena :

- ho an'ireo mpitana kaonty voalohany, aorian'ny didy na valim-pitsarana raikitra momba ny quitus (arrêt ou jugement définitif de quitus) navoakan'ny fitsarana ara-bola amin'ny fitambaran'ny fitantanana rehetra niandraiketany ka hatramin'ny nitsaharany tanteraka tamin'ny asany ;
- ho an'ireo mpitana kaonty faharoa, aorian'ny fahazoana ny quitus navoakan'ny mpitan-kaontim-panjakana fampivondronana azy, izay efa manana quitus de gestion rahateo koa. Ny fombafomba amin'ny famoahana ny quitus, ny fanaraha-maso ary ny famotsorana ny antoka dia faritana amin'ny alalan'ny fitsipika.

## LOHATENY VI

## FEPETRA SAMIHAFA

**Andininy 46.-** Ny lahatsoratra fampiharana
Hisy ny lahatsoratra fampiharana horaisina, raha misy ny ilàna izany, momba ny fomba fampiharana ity Lalàna ity.

**Andininy 47.-** Fanafoanana ny lahatsoratra mifanohitra
Foanana ary dia foana ny Hitsivolana laharana faha 62-081 tamin'ny 29 septambra 1962 mahakasika ny satan'ny mpitan-kaontim-panjakana ary koa ny izay rehetra fepetra teo aloha mifanohitra amin'ity Lalàna ity.
Ity Lalàna ity dia havoaka amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblika (Journal Officiel de la République) ary hotanterahina ho Lalàn'ny Fanjakana.

Navoaka hanankery teto Antananarivo, ny

**Michaël RANDRIANIRINA**

**Avy amin'ny Filohan'ny Fanavaozana ny Repoblika**

**Hita mba hampiarahina**
**Amin'ny Didim-panjakana laharana faha 2006-1443 tamin'ny 03 jona 2026**

**Avy amin'ny Praiminisitra,**
**Lehiben'ny Governemanta**

**Mamitiana RAJAONARISON**